ANKAZOMANGA 4

# TSY MISOMONGA NY POLISY, MPANENDAKA IRAY MATY VOATIFITRA

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7544 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 13 aprily 2023

MARINA IZANY ! 6

## MANOMBOKA MIVILANA !

SITENY RANDRIANA-SOLONIAIKO 6

## HIEZAKA HITETY AN'I MADAGASIKARA MIALOHA NY FAMPIE-LEZAN-KEVITRA


ANTOKO FTPM 10

## MITADY KANDIDÀ ZANAK'I FIANARAN-TSOA NA TOLIARA



FAHAZOAN'OLONA REHEFA MANAO HETSIKA 10

# HO BE INDRAY NY MPANAO POLITIKA HO DISO FANANTENANA AMIN'NY FIFIDIANANA



MAKI ANDOHATAPENAKA 5

## MPAMILY 90 MAHERY NORARANA TSY HIDITRA NY TOBIM-PIANTSONANA

ARABEN'ANALAKELY 2

## SEHO HATOLOTRY NY TARIKA AMBONDRONA






Araben'Analakely

# Hiendrika "festival" ny seho hatolotry ny tarika AmbondronA



Mifarana amin'ny 6 ora hariva ny fampisehoana.

*Hovelarina manomboka anio ny lampihazo. Fanamafisam-peo goavana telo tonta no hikirakira ny feo ary matihanina no hiandraikitra ny ravaka.*

Amin'ny alahady 16 aprily 2023 izao ilay fampisehoana maimaimpoana tanterahan'ny tarika AmbondronA etsy anoloan'ny Lapan'ny tanàna Analakely. « *Arabe* » no anarana nampisaloran'ny tarika azy io, izay nambaran'i Beranto fa hiendrika « festival ». « *Manomboka anio no hapetraka ny lampihazo lehibe, izay hatao eo amin'ny Parvis anoloan'ny Lapan'ny tanàna. Ny antony, maro kokoa ny olona afaka hahatazana anay amin'izay satria ny olona rehetra tonga eo Analakely tsy ho afaka hahita daholo. Araka izany, tsy fampisehoana ihany no hanjaka ao Analakely fa hisy lalao maro karakarain'ireo mpanohana anay hatramin'izay. Izany no hilazako hoe ambiansy festival no hanjaka ao amin'io ary efa fanao maneran-tany izany*», hoy i Beranto. Fanamafisam-peo matihanina telo tonta no hifarimbona hikirakira ny lafiny feo ao anatin'izany ary ny ravaka dia mbola sangany eto an-drenivohitra ihany koa no hiangaly azy.

**Asa fanasoavana**

Valim-babena ho an'ny mpankafy ny tarika eto Antananarivo ity hetsika ity. Tafiditra ao anatin'ny hetsika « Tsangatsangan'larivo » fanaon'ny tanànan'Antananarivo isaky ny alahady izy io araka ny fanazavan'i Beranto hatrany. Izany hoe hiarahan'ny tarika amin'ny kaominina ny hetsika araka izany. Ankoatra ny fampisehoana, manentana ireo rehetra tonga eo an-toerana ny tarika mba hanjifa ny tee-shirt sy kaskety vokarin' izy ireo. Ny vola azo amin' izany dia no hoentin'ny tarika manao asa fanasoavana. Ka amin'ity, hoentina hanampiana amin'ny fampidirana mpianatra ny vola azo amin'ny famarotana ireo vokatry ny tarika Ambondrona ireo. « *Tsy vao izao izahay no manao asa soa, fa efa ambasadaoron' ny Unicef izahay, niara-niasa tamin'ny ONN amin'ny resaka tsy fanjarian-tsakafo; nanampy ankizy kamboty sy ny maro hafa* », hoy ihany izy.

Fy

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ankasitrahako anao ny nanaovanao 'TSIA' tamin'ireo fangatahako. Nampilofo ahy izany. Nifofotra aho, nively vy... Niezaka aho ny nankafy. Indro tratrako ny tanjona. Anjarako indray izao ny mampahery anao. Vonona aho ny hanampy anao, hanananao fiainana mirindra sady vao."

**Ny Vetso**

("I am thankful to those who said 'NO' to me. Because of them, I do it myself." Elbert EINSTEIN)

Fredo

# Hamoaka hira maromaro amin'ity taona ity

Ramarokoto Tahina Fredo antsoina hoe Fredo dia kintana iray vao hiditra eo amin'ny tontolon'ny mozika mihitsy. Efa ela izy no naniry ho lasa mpanakanto izany saingy misy fotoana hoy izy ny zava-drehetra ka dia izao ny tenany vao tena tapa-kevitra ny ho hitan'ny rehetra amin'izay. Ity taona 2023 ity no raisiny ho taom-piasana mihitsy amin'ny famoahana ireo hirany ary dia maniry tokoa izy ny hahazo sehatra eo amin'izany tontolon'ny mozika izany. Tany amin'ny taona 2014 moa izy no nanomboka nanoratra hira. Ny taona 2019 kosa izy no efa niditra « studio » ary ankehitriny efa misimisy ireo hirany ka dia izany indrindra no mahatonga azy maniry ny hamoaka ireo vokatra vaovao ireo. Mivoy gadona maro be moa izy ankoatran'ny rock ary dia re amin'ireo hira izay havoakan'ireo mihitsy izany



I Fredo.

karazany izany. Ao amin'ny pejy fesibokiny Fredo moa no hamohany voalohany ireo hira ireo ary dia efa manentana sahady ny rehetra izy hankafy sy hizara izany. Nambarany moa fa misokatra amin'ny rehetra izay te hiarahiasa aminy izy ary maniry ny mba hiara-hiasa amin'ireo mpanakanto hafa ihany koa.

Tanya.R


ASA American School of Antananarivo EST. 1969

L' American School of Antananarivo recherche des Agents de Sécurité pour renforcer leur équipe.

Description des missions : nettoyage, gardiennage, contrôle d'accès, filtrage d'entrée, sécurisation du périmètre, surveillance du site et installation....

Profil : Expérience - 2 ans minimum

Qualités requises : Amabilité/ personne de dialogue mais ferme, facilité d'adaptation/ sens des responsabilités, autonome/ ponctuel, sociable/ esprit d'équipe.
Vous maîtrisez votre stress et êtes en bonne condition physique.

Langue parlée : Français, Anglais appréciable

Type de contrat : CDI

Pour postuler, veuillez déposer votre CV et Lettre de motivation à l'adresse suivante avant le 16 avril 2023 :

Mr. Richard Reilly, Directeur
The American School of Antananarivo
Lotissement le Park d'Alarobia
Alarobia, Tsarasaotra
Antananarivo 101
Tel : 020 22 420 39

G CL 480/4-3


Radio Feon'Imerina

# Hanolotra rindran-kira hanamarihana ny faha 25 taona niorenany

Ho sokafana amin'ny alahady 16 aprily ho avy izao etsy amin'ny CCEsca Antanimena ny faha 25 taona niorenan'ny Radio Feon'Imerina. Ho fanamarihana izany dia manolotra rindran-kira izy ireo amin'io fotoana io izay iarahana amin'ireo mpanakanto zokiny indrindra ahitàna an'i Fidimalala sy ny Angolan' Imerina, eo koa i Abel Ratsimba, Salomon sy Lizah Raseta, Tovo Andrianandraina, Razera sy Ralanto, J Andriamanantena, Mamy Rakotoarimalala sy ny Gasy Miangola, ny Tarika Jean Luce sy Lala, i Narisoa, Ny Alondrano ary i Noely sy ny Sakelidalana. Tsara ny manamarika fa efa 95 taona amin' izao i Fidimalala no mbola hihira sy hitendry gitara amin' io fotoana io. Ankoatra azy ireo dia hisy koa mpanakanto tanora ho avy hanafana ny sehatra izay ahitàna an'i Faniry Raelison izay hihira ny sangan'asan'i Rolland Raelison izay raibeny ; mari-



I Salomon sy Lizah Raseta.

hana moa fa nanao seho miavaka mihitsy ity farany nandritra ny fankalazana ny faha 90 taona an'i Gabhy ka dia mahafaly azy indray ny mbola haneho ny talentany amin'io fotoana io. I Tiana Ratovondriaka sy Moreno Nicole ary Ndrema kosa no hanentana ny fampisehoana. Nosafidian'ny Radio Feon' Imerina manokana mihitsy moa ireo mpanakanto zokiolona ireo handray anjara amin'izao hetsika izao mba ho fanomezam-boninahitra azy ireo voalohany indrindra fa ihany koa amin'ny maha sady mpihira no mpamoron-kira azy ireo ihany koa. Fa ankoatra izay dia kalo tsy tontan'ny ela mihitsy no vazoin'izy ireo nefa dia ho ataony amin'ny fomba maoderina izany ankehitriny satria dia ireo zafiny no hitendry ny hirany. Anisany izany ohatra i Tovo Andrianandraina izay ny zafiny no hitendry ireo hira ho kaloiny. Nosafidian'izy ireo kosa ny hoe rindran-kira no hanokafana ny hetika satria dia feno 65 taona amin'ity taona ity ihany koa ny fisian'izany rindran-kira izany teto Antananarivo. Raha tsiahivina tokoa mantsy dia ny taona 1958 no nisy an'izany voalohany. Manantena moa izy ireo fa dia ho maro isika no hanotrona izao fampisehoana izao.

Tanya.R

Andro maneran-tany ho an'ny Zavakanto

# Mpanakanto maro haneho ny sanganasany ao Mexi'Coco Antsiranana

*"Zanahary tsy manampy an'izay tsy mahay manampy ny tenany" no fanainga nentin'izy ireo amin'ity hetsika ity.*

Nanomboka tamin'ny taona 2012 ny fankalazana ny andro maneran-tany natokana ho an'ny zavakanto ka isaky ny 15 avrily no hanamarihana izany maneran-tany. Fotoana voatokana hanomezan-danja ny asan'ny mpanakanto amin'ny ankapobeny io andro io ka ankalaza manonkana izany amin'ny maha mpanakanto azy ny fikambanana mpanakanto any Antsiranana. Misy amin'izy ireo no misehatra amin'ny sary sy hosodoko, sary sokitra, mpihira, mpanao Slam, mpandihy sy ny maro hafa. Hanatanteraka varotra fampiratiana ny sanganasany ao amin'ny Mexi'Coco Restaurant izy ireo manomboka ny Asabotsy 15 Avrily izao ary tsy hifarana raha tsy ny 7 May. Anisan'ny handray anjara amin'izany i Yasmine Fidimalala izay anisan'ny mpanakanto zokiny indrindra ao amin'ity fikambanana ity, misy ireo efa matihanina ary efa miaina mivelatra amin'izany zavakanto ataony izany toa an'i Nino Pillar ( illustrateur, coloriste, caricaturiste) i Mozaration, Fad Madart, misy ireo tanora zandry sy zanaka izay efa manomboka ka tafiditra tsikelikely ao anatin'ny maha matihanina toa an'i Asyl Fidy (digital artiste) sy i Steve Henking, ary i Romuald (portraitiste) misahana ny fampianarana sary ao amin'ny AF Diego Suarez, misy ihany koa ireo mpanakanto zandry "street art" no sady mpandihy toa an'i Allan Smith, misy ihany koa ireo "slameur" izay manan-talenta manonkana amin'ny hasinteny toy an'i Choco ary ireo namana hita fa manantalenta manonkana amin'ny hira sy ny fitendrena zavamaneno sy ny feo toy i Noah Christian sy i Kaliana Mahaly. Ny lohahevitry ny andro iraisam-pirenena dia mifamatotra hatrany amin'ny sehatra lehibe ataon'ny Firenena Mikambana, dia ny fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena, ny fampiroboroboana ny fampandrosoana maharitra, ny fiarovana ny zon'olombelona ary ny fiantohana ny lalàna iraisam-pirenena sy ny hetsika maha-olombelona. Tsy mifanalavitra amin'izany ihany koa ny hanehoana ireo sanganasa haranty mandritra ireo fotoana ireo raha araka ny fanazavan'i Yasmine Fidimalala. Notsindriany fa afaka mitafatafa amin'ny mpanakanto ny rehetra izay tonga mitsidika ary hisy ihany koa ny fizarana traikefa. Ny Zoma izao hanomboka amin'ny 7 ora hariva moa no hanokafana izany hetsika izany amin'ny fomba ofisialy. Mpinamana akaiky efa samy mpifampizara ny manta sy masaka ilay izy dia io noketrehina io. Miezaka amin'ny alalan'ny zava-misy eo ampelantanana sy ny traikefa efa nananany ny rehetra ary tsy niandry na iza na iza izy ireo amin'ny fanatantarahana azy.

**Tiaray R**

CC ESCA Antanimena

# "Poatsatroka" ho an'i Bodo amin'ny 7 mey

*« Henin-kaja aho, heni-boninahitra fa maro ny talenta mitrebona hiangaly ny hirako ho « Poatsatroka » hono e ! Dieny mbola velona hono aho….mamy loatra izany. Tiako izany. Tsy andriko ery !»*, hoy i Bodo ao anatin'ny pejy fesibokiny. Artista maro no hifarimbona hanafana ity fampisehoana natokana ho an'ity mpanjakavavin'ny hira sy mozika ity. Ao amin'ny efitrano malalaky ny CCESCA Antanimena no hanatontosana izany ny tolakandron'ny alahady 7 mey 2023 manomboka amin'ny 3 ora. Izay ahitana an-dry Yrinaf, Lovatiana, Safidy, Ayam , Betia, Nate Tex, Lucas, Mendryka, Steph Rambi, Mr Sayda.
Araka ny fantatra, hiangaly ny vazon'i Bodo avokoa ireo artista rehetra voalaza ireo. Efa manomboka mikononkonona ny fomba hoentin'izy ireo maneho ny sanganasan'i Bodo avokoa ireo artista rehetra voalaza ireo.
Efa manomboka mivoaka ny tapakila fidirana amin'ity « poatsatroka » ho an'i Bodo ity, ka tsara raha efa miomana dieny izao.

**Fy**

Mihamy Mada Fashion andiany faha-4

# Hanasongadinana ny zava-bita miavaka ao amin'ny faritanin'i Toamasina

Ny Renivohitry Betsimisaraka no handray ny andiany faha-4 amin'ny hetsika "Mihamy Mada Fashion" izay karakarain'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny kolontsaina. Anio amin'ny 10 ora Amin'ity andiany faha-4 ity dia natao hanasongadinana ny zavabita miavaka ao amin'ny faritany Toamasina no tanjona ka hetsika maro no entina maneho izany. *"Tsy misaraka amin'ny vita Malagasy Antsena (isika)"* no teny filamatra netin'ny Toamasina nanamarika ny hetsika izay fotoan-dehibe ity. Hetsika moa dia natao hanasongadinana ny tontolon'ny famoronana sy ny sehatry ny haihaingo ary indrindra natao hisarihana sy hanentanana ny mpiara-belona rehetra hanjifa ny zava-bita malagasy izay foronina sy vokarina eto Madagasikara ka omena sehatra amin'izany ny Taovalo, taokiraro, taofiravaka, hairary, haihatsarana, haizaitra. Tsy ho latsa-danja amin'ireo andiany teloteo aloha ny hetsika satria amin'ny toerana malalaka sy midadasika no hanatanterahana azy ary tsy latsaky ny 400 ny mpandray anjara. Misy ny varotra Varotra fampirantiana, eo ihany koa ny fanentanana sy fifanakalozan-kevitra miompana amin'ny lohahevitra mikasika ny dingam-pamoronana lalovan'ny haihaingo, ary indrindra ny filatroana isankarazany. Mikasika ny lanonam-panokafana anio dia nasaina hanatrika izany avokoa ny tompon'andraikitra isan'ambaratonga eo anivon'ny faritanin'i Toamasina, ireo mpandrahara sy tompona toeram-pilanonana sy fandraisam-bahiny izay azon'ny be sy ny maro hatrehana. Raha tsy misy ny fiovana amin'ny andro farany dia hanome voninahitra ny lanonana ary hampita hafatra ho an'ny mponin'ny Toamasina ny Minsitra Lalatiana Rakotondrazafy Andriatongarivo.

**VIP Fashion Show eny amin'ny Port**

Hanafana sy hanentana mandritra izany ny mpanakanto Blasti'n Crew, Kaiamba, Vakodrazana Donakafo. Ny tolakandro manomboka amin'ny 3 ny Master Class izay hatao ao amin'ny Masova 501.

**Tiaray R**

Meizah

# Hanolotra fampisehoana ao amin'ny "chez papa", Isoraka



I Meizah.

Taorian'ny fampisehoana izay nataon'i Meizah tetsy amin'ny gara Soarano tamin'ny voalohan'ity volana ity, dia manome fotoana an'ireo mpankafy azy sahady indray ny tenany rahampitso ao amin'ny « Chez papa » Isoraka. Maimaimpoana moa ny fampisehoana amin'io ka dia entanina avokoa ny rehetra ho avy. Amin'ny 10 ora alina no hanomboka ny fotoana. Hiavaka hatrany hoy izy ny ambiansy ho hita ao ary hafana dia hafana ihany koa. Nomarihany moa fa efa miketrika hira vaovao iray izay ny tenany amin'izao ary tsy ho ela izany dia hivoaka ary dia haparitany amin'ny haino aman-jery samihafa. Tsara ny mampatsiahy fa efa 11 taona izao no naha mpihira an'i Meizah, nivoy hatrany ny gadona « urbaine » izy ary dia efa maro be ireo hira navoakany. Anisan'ny tena ahafantaran'ny maro azy ny hirany voalohany « faniriako hatrizay ». Rehefa manao fampisehoana tahaka izao izy dia mahazatra azy mihitsy ny manafangaro ireo hirany vaovao sy taloha eny an-tsehatra ka dia samy afa-po avokoa ny rehetra.

**Tanya.R**

Rija Ramanantoanina, Fy, Rindra

# Hanolotra Antsa Orga Diamondra any Taolagnaro

Mitohy hatrany ny fitetezana an'i Madagasikara entina ampahafatarana ny orga ataon'ny Fikambanan'ny mpitendry sy Mpanakafy Orga. Rehefa nahavita ny tany Toamasina, Mahajanga, Fianarantsoa dia anjaran'ny any Taolagnaro indray izao no hotsidihana. Ny alahady izao ary dia ao amin'ny FJKM Salema Vaovao ao Taolagnaro no hanasan' ny mpikarakara ny rehetra izay mankafy ny orga sy ny tontolony izay hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Ho avy any an-toerana hanolotra "Antsa orga Diamondra" i Rija Ramanantoanina sy Fy ary Rindra. Fa akoatra izay dia hisy ihany koa ny fifanakalozana traikefa sy atrikasa manodidina ny Orga. Tsy misy vidim-pidirana izy io fa rakitra no tatazana. Efa nihazo an'i Taolagnaro moa amin'izao fotoana izao ireo delegasionina sy solotena avy ao amin'ny Fikambanan'ny Mpitendry sy Mpanakafy Orga miaraka amin'ny orga Dimanondra iray. Tanjona ao anatin'ny fitsidihana toy izao ny mandrefy ny toerana omen'ny olona ny orga eo amin'ny fotoana samihafa sy ny kolotsaina samy hafa.
Marihana fa ny Fikambanan'ny Mpankafy sy ny mpitendry Orga na ny FMMO dia fikambanana niainga tao anaty Tambajotran-tserasera Fesiboky taona maromaro lasa izay. Ankoatra ny fampahafantarana ny Orga Diamondra dia misy amin'ny mpikambana no manamboatra io zavamaneno io mihitsy. Ao ihany koa ny fifampizarana fahaizamanao sy traikefa. Fampiroboroboana ny fitendrena Orga Diamondra no tena imasoan'ny Fikambanana saingy miaramiasa amin'ny mpitendry zava-maneno hafa ihany koa ry zareo.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, fanaka, boky, pièces, vy, kilalao, TV, frigo. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 509/20-18)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, kiraro, kilalao, boky. Mendrika. Tél : 034.68.015.70. (G-BA 521/15-8)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 519/20-8)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-10)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe Homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-10)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (M-BA 405/13-12)

* Manamboatra, manome toro-hevitra : frigo, congélateur etc. Merci. Tél : 034.14.113.95. (G-BA 522/11-7)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 526/6-1)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 525/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 525/6-2)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 525/6-2)

Ankazomanga

# Tsy misomonga ny polisy, mpanendaka iray maty voatifitra

*Vao ny herinandro teo no jiolahy 6 no lavon'ny bala tetsy Anosipatrana.*



Tsy namelan'ny polisy avy ao amin'ny SAG ilay jiolahy namoahana filazana fikarohana raha tsy lavo tetsy Ankazomanga, omaly. Sady namoy ny ainy no nahatrarana antsy lava ilay olondratsy. Izy ity dia mpanendaka nampitondra faisana ny mponina no mpamaky trano ihany koa ary efa nahafaty olona mihitsy. Iny faritra Ankasina sy 67ha iny no toerana fanendahany olona saingy tetsy Ankazomanga izy no lavon'ny balan'ny Polisy. Raha ny angom-baovao hatrany dia efa namoahana filazana fikarohana ihany koa ity mpanendaka ity ary karohin'ny sampan-draharaha maro eo anivon'ny Polisim-pirenena. Nifarana hatreo ny aminy ary mbola mitohy ny fikarohana izay mety ho namany.

**Hentitra**

Tsara ny mampatsiahy fa ny polisim-pirenena dia tsy mitsitsy intsony amin'izao. Vao ny herinandro teo no nisy jiolahy 6 no lavon'ny bala tetsy Anosipatrana. Ireto indray dia nikasa sy nanomana fanafihana mitam-piadiana. Raha ny angom-baovao azonay dia jiolahy avy eny Namontana, By Pass, Ankadievo sy Tanjombato iny avokoa ny ankamaroan'izy ireo. Ny sasany efa malaza ratsy amin'ny resaka vaky trano sy fanendahana. Misy ihany koa ireo voalaza fa mpampandihy sy fianakaviana filoham-pokontany saingy niray petsapetsa tamin'ny jiolahy ka izao lavon'ny bala izao avokoa. Vao omaly no nisy naka tao amin'ny tranompaty Hjra ny razana an'ireo jiolahy ireo ary ny sasany mbola voatazona ao miandry ny fianakaviany. Tsiahivina fa ny talata teo no nivory teny amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena ireo Minisitra misahana ny fiarovana sy ny fandriampahalemana nahitana ny Minisitrin'ny Fiarovampirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa, Ministry ny Filaminambahoaka, « CGP » Randrianarison Fanomezantsoa ary ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, ny Jeneraly Gelle Serge. Ny fanamafisana ireo ezaka efa natao amin'ny fitandroana ny filaminana sy ny fandriampahalemana eto amin'ny firenena no anton'ny fivoriana. Mazava fa nisy ny toromarika nomena ka izao hita izao sahady ny vokany.

**Ariel D.**

Manakara

# Zandary iray nitifitra olona tsy nahaloa vidina labiera

Nitsoaka nandositra ilay zandary iray rehefa avy nitifitra ka nandratra lehilahy iray izay tsy nahaloa vola vidina labiera tamin'ny toeram-pisotroana iray tao, amin'ny fokontany sy kaominina ambanivohitra Ambahatrazo distrika Manakara, ny andron'ny paska lasa teo. Naratra mafy io olona io saingy efa nentina notsaboina any amin'ny hopitaly ka tsy misy ahiana loatra ny aminy araka ny angombaovao voaray. Raha ny fanazavana dia zandary namita iraka tao amin'io toerana voalaza etsy ambony io no nahavanona izao fitifirana olona izao. Fety rahateo ny andro ka nanao fandaminana izy ireo araka ny hetsika paka hieren-doza 2023. Tokony tamin'ny 1 ora sy sasany maraina no niseho ny tranga, izay tsy iza fa lehiben'ireo zandary ihany no nanao izao fihetsika tsy voafehy izao. Nisy lehilahy iray nividy labiera ka rehefa laniny izany dia tsy nandoa vola izy.

**Sazy**

Nampandre zandary ny tompon'ilay toeram-pitsotroana ka ilay zandary sy polisy kaominaly iray no nandeha nizaha ny zava-nisy. Hitan'izy ireo ilay lehilahy ka nosamboriny ary nentiny niakatra namonjy ny biraon'ny kaominina tao Ambahatrazo. Teny andalana hamonjy io birao io dia notifiriny ka voa teo amin'ny valahany ilay lehilahy. Ireo zandary namany kosa no nitondra ity naratra namonjy hopitaly. Taorian' izay dia nahazo ny fitsaboana ilay lasibatra saingy mila entina mamonjy hopitaly lehibe raha ny toromarika nomen'ny dokotera. Ilay zandary nitifitra kosa mbola tsy hitan'ireo namany izay nalehany fa ny angombaovao azo no nahalalana fa nandray moto izy sady nitsoaka. Efa nidina any ifotony nandamina ity raharaha ity any Ambahatrazo ny komandin'ny tobim-paritry ny Zandary any an-toerana. Mandeha kosa ny fikarohana ilay nahavanon-doza sy ny fanadihadiana ny raharaha. Ahiana hiakatra fitsarana ity hadalana nataona zandary ity ary hisy ny sazy aramiaramila.

**Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

**# Nisehoana lozam-pifamoivoizana indray tamin'ny lalam-pirenena fahafito iny omaly maraina.** Fiara iray avy any Atsimo hiakatra aty Andrenivohitra no nivadika tao Behenjy. Maro ny olona naratra saingy tsy nisy kosa ny aina nafoy. Simba ihany koa ny fiara. Efa nalefa namonjy hopitaly avokoa ireo olona naratra. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ihany koa ny raharaha ka mandeha ny fanadihadiana.

**# Lehilahy roa no tratran'ny fitsaràm-bahoaka tao Ambatosoratra- Ambatondrazaka afakomaly maraina.** Raha ny fanazavàna azo dia voarohirohy tamin'ny vonoan' olona nitranga tany an-toerana izy ireto. Efa mandray antanana ny raharaha ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao.

**# Mirongatra tokoa ny tsy fandriam-pahalemana amin'izao indrindra fa ny eto Andrenivohitra.** Vehivavy iray no voasoloky tamin'ny vovom-bolamena hosoka ka lasa avokoa ny vola sy ny finday tany aminy. Fantatra fa efa manana tambazotra mihitsy izy ireto.

**R.C**

Toamasina

# Jiolahy 4 saika hanafika lavon'ny balan'ny polisy



Ireo jiolahy maty !

Nirefodrefotra ny basy omaly maraina teny akaikin'ny Cimetière ao Toamasina. Araka ny vaovao azo jiolahy miisa efatra nikasa hanao fanafihana mitam-piadiana ireto nenjehin'ny mpitandro filaminana. Ireo jiolahy nihaodihaody teny amin'ny manodidina no nanaitra ny manodidina ka nampandre haingana ny polisy. Nitsoaka nandositra avy hatrany ireo jiolahy raha vao nahatazana ireto farany. Raikitra ny fifampitifirana satria namaly tifitra ireo jiolahy. Vokany efa-dahy no lavon'ny balan'ny polisy. Basy poleta miisa roa feno bala ihany koa no tratra teny amin'ireto jiolahy maty ireto. Raha ny fanazavàna azo dia efa nanafika tao an-toerana izy ireo afakomaly ary mbola nikasa hamerina indray omaly kanjo io nifanehatra tamin'ny polisy io. Fantatra fa efa nigadra teny Tsiafahy ny iray tamin'ireto jiolahy ireto.

**Maromaro**

Tato anatin'ny herinandro dia maromaro ihany jiolahy lavon'ny polisy. Ankoatr'ireto efa-dahy maty tany Toamasina ireto dia nisy enin-dahy maty voatifitry ny polisy ihany koa teny Anosipatrana ny faran'ny herinandro teo ary iray tetsy Ankazomanga. Hita araka izany fa tsy mikely soroka tokoa ny polisy amin'ny famongorona ireo olondratsy manoloana ny firongatry ny tsy fandriampahalemana amin'izao fotoana izao. Na izany aza dia mila mailo sy mitandrina foana ihany ny tsirairay fa ny ratsy tsy kely lalana.

**R.C**

Mandritsara

# Dahalo nilaza fa niova fo kanefa nisoloky indray

Tsy niova fo araka ny voalaza ity dahalo ity fa nanova paikady fotsiny amin'ny fanaovany ny asa ratsiny. Tao Mandritsara no nisehoan'ny tantara. Araka ny fanazavána, efa manana ekipa mihitsy izy ity ka ireo no asainy mangalatra omby. Rehefa lasa ny omby dia mody manao fifanarahana amin'ny tompon'omby izy fa hikaroka ny omby ka rehefa hita soa aman-tsara dia omena ny anjarany. Ohatra raha omby miisa dimy no very dia omena azy ny telo amin'ireo ho saran'ny fikarohana nataony. Atao fifanarahana an-taratasy mihitsy izany. Saika nahitàm-bokany avokoa izany satria efa fantany mialoha ny toerana hanafenana ireo omby very araka ny fifampiresahana ataony amin'ireo namany. Nahazo sitraka tamin'ireo tompon' omby izy noho izany ka maro no velom-pisaorana azy fa tafaverina ihany ny omby very. Tsy fantatr'ireo anefa fa tetika efa vita ny azy. Olona maro no efa lasibatra tamin'izany. Noho ny vela-pandrika nataon'ny mpitandro filaminana dia tratra teo am-panaovana fifanarahana tamin'ny olona very omby izy sy ireo namany telo ka noraisim-potsiny.

**R.C**

## Manal azy de mimeme



Maki Andohatapenaka

# Mpamily 90 mahery norarana tsy hiditra ny tobim-piantsonana

Misavorovoro ireo mpamily taksibrosy ao amin'ny tobim-piantsonana Maki Andohatapenaka. Nanomboka ny zoma lasa teo dia norarana ny fidiran'ireo mpamily mpandimby ao anatin'ny faritry ny tobim-piantsonana rehefa amin'ny fotoana tsy iasana. Eo amin'ny 90 mahery izy ireo no voakasik' ity fanapahan-kevitra ity, izay manao ny zotra Antananarivo – Mahajanga sy Antananarivo – Antsiranana ny ankamaroany. Nanao hetsika fitokonana teny an-toerana ireto mpamily ireto omaly maraina ary nanome 72 ora ho an'ny mpitantana mba hamahana olana. Nilaza izy ireo fa ho mafimafy kokoa ny hetsika raha tsy mivaha ao anatin'io fotoana io ny olana. *"Rehefa mangataka fanazavana amin'ireo mpitantana izahay dia milaza tsy manam-potoana hiresahana izy ireo, kanefa tsy mazava aminay mihitsy ny anton'ity fanapahan-kevitra ity. Mila mpandimby ny mpamily ary tsy vitan'ny mpamily iray raha lalana eo amin'ny 1 000 Kilometra izany, satria mety ho reraka izy na te hatory izy. Tsy maintsy miditra ao anatin'ny tobim-piantsonana izahay vao mahita tompon'ny fiara afaka hampiasa anay, ary matetika ny mpanjifa mihitsy no miantso anay noho ny fahatokisany ka izahay mihitsy no mitondra azy ireo eo amin'ny birao mizara tapakila."*, hoy ny solontenan'ireo mpamily.

**R. Muray**

Tambajotra iraisan'Antananarivo

# Nitrangana fahatapahan-jiro faobe na "black out"

Omaly tokony ho tamin'ny 1 ora antoandro, nitrangana « blackout » na fahatapahana herinaratra faobe ho an'ireo mampiasa ny Tambajotra Iraisan'Antananarivo. Tapaka nandritra ny ora iray mahery ny jiro. Nimenomenona ireo mponina indrindra izay manao asa tena satria miankina betsaka amin'ny herinaratra ny asan'izy ireo. Tafiditra ao anatin'izany ny mpanao cyber, mpanao volo, mpanjaitra, mpanefy. Ireo mpiasa birao ihany koa nitaraina satria fahatapahana ao anatin'ny ora iray izany efa tsy hahafahana manenjika kaomandy araka ny tokony ho izy. Tsy vao omaly ihany fa natetika nitranga izany toejavatra izany tato ho ato. Raha ny fanazavana nomen'ny Jirama, noho ny filatsahan'ny tambajotra mitondra herinaratra avy any Andekaleka no antony na ilay atao hoe "declenchement". Nisy ny fandraisana andraikitra haingana ka nahafahana namerina ny herinaratra tamin'ny laoniny ora iray taty aoriana. Tsy ny herinaratra ihany anefa no tapaka fa nisy fiantraikany tamin'ny famatsian-drano noho ireo toby famokarandrano sy mpampiaka-tosika miankina amin'ny herinaratra ihany koa izany.

**Nath**

Tsenan'ny vy iraisam-pirenena

# Nidina 27 isanjato ny vidin'ny Nikela



**Mandray anjara amin'ny fampihodinana ny toekarena eto amin'ny firenena ny fitrandrahana Nikela ataon'Ambatovy.**

Mandalo krizy ny vidin'ny Nikela eo amin'ny tsenan'ny vy iraisam-pirenena. Nahitana fidinana 27 isanjato tao anatin'ny roa volana lasa. Raha efa nahatratra 30 000 Dôlara (eo amin'ny 131 tapitrisa Ariary) ny iray taonina tamin'ny voalohan'ny volana febroary lasa teo, dia tafidina tany amin'ny 22 000 Dôlara tamin'ny faramparan'ny volana martsa. Ny fisian'ny krizy ara-bola any Etazonia sy Eorôpa no nambaran'ny manam-pahaizana iraisam-pirenena fa mahatonga ny vidiny hitontongana. Maro ireo banky rompitra any amin'ireto firenena ireto, ka matahotra ny hampiasa vola ireo mpandraharaha lehibe. Lasa any amin'ny volamena indray ireto farany no manao petra-bola noho ny tahotra amin'ny mety ho fatiantoka hateraky ny krizy. Tsiahivina fa efa nihatsara ny vidin'ny Nikela taorian'ny krizy ara-pahasalamana "Covid-19" sy ny fihazakahan'ireo mpamokatra fiarakodia amin'ny fiara elektrika ary ny fiverenan'ny toekarena any Sina mihodina ara-dalàna indray taorian'ny fanesorana ilay fepetra ara-pahasalamana "Zéro Covid-19". Sina rahateo dia anisan'ny firenena mamokatra sy manjifa Nikela be indrindra manerantany. Marihina fa natao hamokarana vy tsy mety arafesina sy singa ilaina amin'ny fanamboarana vatoaratra amin'ny fiara elektrika ny Nikela. Anisan'ny manana kalitao tsara indrindra amin'ny fanamboarana ny singa ilaina amin'ny fanamboarana vatoaratra ny Nikela avy eto Madagasikara, izay vokarin' ny orinasa Ambatovy. Hisy fiantraikany eto Madagasikara araka izany ny fitotonganan'ny vidin'ny Nikela raha mbola hitohy maharitra, satria vinavinaina hiakatra 40 000 taonina ny famokaran' Ambatovy amin'ity taona ity.

**R. Muray**

Fiakaran'ny vary aloha

# Efa misy fiantraikany amin'ny vidiny eny an-tsena



**Iankinan'ny fiainan'ny Malagasy iray manontolo ny vary. (Tahirin-tsary)**

*Efa tafidina ambanin'ny 4 000 Ariary ny kilaon'ny vary vokatra eto an-toerana.*

Manomboka miakatra tsikelikely ny "Vary aloha" na ny "Vary asara". Nahitana fidinany ny vidim-bary teny antsena tao anatin'ny herinandro vitsy, toy ny hita eto an-dRenivohitra. Efa tafidina ambanin'ny 4 000 Ariary amin'ny ankapobeny ny kilaon'ny vary zanatany. Manodidina ny 3 000 Ariary ny kilaon'ny vary Gasy sy ny vary Makalioka. Efa tafidina ambanin'ny 3 000 Ariary ny kialon'ny vary Tsipala. Misy amin'ireo vary nohafarana koa no efa manodidina ny 2 000 Ariary ny kilaony. Marihina fa tapitra amin'ity volana aprily ity ny fotoan'ny maitso ahitra. Manomboka ny volana janoary ka hatramin'ny volana martsa ny fotoam-pijinjana ny "Vary Asara", izay miantoka ny 12 isanjaton'ny voka-bary eto Madagasikara. Maro ireo faritra mamokatra azy manerana ny Nosy, dia Analamanga, Matsiatra Ambony, Vakinakaratra, Amoron'i Mania, Bongolava, Itasy, Atsimo Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Andrefana, Anosy, Sava, Atsinanana, ary Analanjirofo. Efa miakatra manomboka amin'ity volana aprily ity ka hatramin'ny volana jona koa ny "Vary Vakiambiaty" avy ao amin'ny faritra Alaotra Mangoro. Amin'ny volana jolay ka hatramin'ny volana septambra kosa no hiakatra ny "Vary Jeby" avy ao amin'ny distrikan'i Marovoay. Hitombo araka izany ny voka-bary ao anatin'ny volana maromaro ho avy, ka tokony hidina tsikelikely manaraka izany ny vidiny amin'ny faritra rehetra manerana ny Nosy. Marihina fa mahavokatra vary 4 tapitrisa taonina mahery isan-taona ny eto Madagasikara. Tsy maharaka ny filàna anefa ny famokarana, ka tsy maintsy manafatra vary eo amin'ny 500 000 taonina isan-taona toy ny tamin'ny taona 2022. Araka ny fantatra dia mahatratra 118 ka hatramin'ny 138 Kg isan-taona ny fandaniam-bary isaky ny olona iray eto amintsika. Na izany aza, mbola tsy afaka ny fijalian'ny mpanjifa, satria na nidina aza ny vidin'ny vary dia mbola midangana ny vidin'ny entana ilaina andavanandro amin'ny ankapobeny.

**Nangonin'i R. Muray**


SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA

AVIS DE VENTE AU PLUS OFFRANT

La **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA** met en vente aux plus offrants les véhicules suivants :

| MARQUE-MODELE | DATE MISE EN CIRCULATION | INFORMATION TECHNIQUE |
|---|---|---|
| ZNA RICH | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU<br>Etat : EN BON ETAT<br>KILOMETRAGE : **18 011** |
| ZNA RICH | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU<br>Etat : EN BON ETAT<br>KILOMETRAGE : **24 693** |
| ZNA RICH | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU<br>Etat : EN BON ETAT<br>KILOMETRAGE : **29 747** |

Ces véhicules sont visibles du lundi au vendredi de 08 heures à 15 heures à TAMATAVE sur rendez-vous uniquement au numéro **034 02 154 92**.

L'offre financière est à remettre à l'Agence de la **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA, Rue Indépendance- Boulevard Joffre**– A l'attention de la **DIERCTRICE DU GROUPE EST** sous pli fermé avec la mention **« Avis de vente au plus offrant – Véhicules Avril 2023 »**, au plus tard le vendredi 21 avril 2023 à 16 heures.

*Si les offres n'atteignent pas les montants minimums attendus, la Société Générale se donne le droit d'annuler la vente.

G CL 486/2-1

Siteny Randrianasoloniaiko

# Hiezaka hitety an'i Madagasikara alohan'ny fampielezan-kevitra

*Nitondra fanazavana ny depiote voafidy tany Toliara fa tsy miaraka amin'ny IRD ny tenany no tsy vatsian'ny mpandraharaha matanjaka vola " Mihava Tour ".*

Nanapaka tanteraka ny fifandraisany amin'ny antoko IRD ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko na dia voafidy tamin'ny anaran'ny antoko manohana ny fanjakana aza. Io no tsikaritra nandritra ny fandalovany tany Sambava (faritra avaratra). Nambarany teo imasombahoaka, tany an-toerana fa misy ny mieritreritra fa mbola manohana ny fitondrana hatrany ny tenako. « Mavo ny loko isalorako fa tsy lôranjy », hoy ihany ny depiote voafidy tany Toliara. Nomarihiny fa hitety an'i Madagasikara ny tenany sy ny ekipany, ao anatin'ny « Mihava Tour » alohan'ny



**Ny depiote voafidy tany Toliara, nandritra ny " Mihava Tour ", tany Sambava.**

hidirany tanteraka ao anaty fampielezan-kevitra. Tanjona, hoy izy ny hihaino ny olan'ny vahoaka, manerana ny Nosy. Nandritra ny fandalovany tany Sambava, tamin'ny talata lasa teo ihany koa no nitondrany fanazavana mahakasika ny feo milaza fa ny misy mpandraharaha teratany Malagasy no mamatsy ny fitetezam-paritra tanterahany. « Tsy marina izany ary mbola tsy niresaka mikasika ny Mihava Tour izahay », hoy ihany ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko.

**Any Mahajanga ny «Mihava Tour» manaraka**

Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa misimisy ihany, hoy ny tsy mahay manisa ny olom-boafidy nitafy loko mavo, raha ny tany Sambava manokana no resahana. Fitsidihana izay tsiahivina fa natokany nanadihadiana sy nihainoana ny olana mahakasika ny lavanila. «Tsy misy afa-tsy ny fampiharana ny fitsinjaram-pahefana no vahaolana. Izany hoe fanakinana amin'ny mpitondra eny ifotony ny fitantanana ny lavanila. Ny zava-misy mantsy hatramin'izay dia mitsabaka amin'io raharaha io hatrany ny fitondrana foibe ka tsy mahagaga raha miseho ny olana. Ny fanalalahana ny sehatry ny lavanila irery ihany no vahaolana », hoy ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko. Izany hoe ny fanafoanana ny CNV sy ny famerana ny vidin'ny lavanila aondrana any ivelany ho 250 dôlara ny kilao. Nivantana no nilazan'io olomboafidy io fa manjaka loatra ny kolikoly ao anatin'io sehatry ny lavanila io. Fantatra moa fa any amin'iny faritr'i Boeny iny indray no hotanterahana ny « Mihava Tour », amin'ny asabotsy ho avy izao.

**Voahangy Rakotozafy**

## Marina izany !

### Manomboka mivilana !

**Samy manao izay tiany no azo amehezana ny zava-misy eto amintsika, tato anatin'ny volana maromaro izao. Ny manam-pahefana matetika mampiasa izany amin'ny tombontsoany manokana. Ny mpanao pôlitika samy manana ny paikadiny anomanany ny fifidianana filoham-pirenena sy ny solombavambahoaka izay efa azo lazaina ho madivadiva ihany koa ny fifaranan'ny fotoam-piasany. Ny olom-pirenena tsotra sahirana mitady ny harapaka isan'andro, n'inon'inona fomba ahatongavany amin'izany. Vokany, tsy mahagaga raha mirongatra ny tsy fandriampahalemana, amin'ny endriny samihafa. Izay tsy mahatanty lazonady kosa dia ireny mivarilavo na mamono tena ireny. Tranga mampametra-panontaniana ny amin'ny hoe: mbola manao ny andraikiny araka ny voasoratra ao anatin'ny Lalampanorenana sy araka ny lokaloka nataony tamin'ny bvahoaka, nandritra ny fampielezan-kevitra. Ankoatra izay, tsikaritra ho manomboka mivilana ny fanaovana pôlitika eto amintsika. Ahatarafana izany ny fihetsiky ny olom-boafidy tany Sambava, tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity. Voatery nanazava tamin'ny tambazotra sôsialy mantsy ilay olom-boafidy, avy amin'iny faritra avaratry ny nosy iny fa efa niera tamin'ny Praiminisitra ary nahazo alalana tamin'ny Lehiben'ny governemanta vao niarahaba ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko. Tranga mety heverina ho maivana, saingy ahatarafana fa tsy mipetraka ny fisaraham-pahefana eo amin'ny mpanatanteraka sy ny mpanao lalàna. Raha itarina dia toa mitsimbadika mihitsy aza ny zava-misy satria ny Andrimpanjakana tokony hanara-maso ny asan'ny governemanta indray no mangataka alalana raha hiarahaba ny olom-boafidy mitovy aminy ! Manomboka mahalasa saina ny zava-misy !**

Voahangy Rakotozafy

Antenimierampirenena

# Hafana ny adihevitra mandritra ny fivoriana ara-potoana voalohany

Araka ny ambaran'ny andininy faha-75 n'ny Lalampanorenana dia mivory indroa isan-taona ny solombavambahoaka sy ny loholona ka ny voalohany, ny talata voalohan'ny volana mey izay hifantoka amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana. Ny faharoa kosa ny talata fahatelo amin'ny volana ôktôbra. Maharitra 60 andro avy ny faharetan'ny fivoriana. Miainga amin'io andininy dalàna voalaza eo ambony io dia ny talata 2 mey ho avy izao izany no hivory ara-potoana voalohany ny Andrimpanjakana mpanao lalàna. Fivoriana efa faripariritan'ny ankamaroan'ny solombavambahoaka fa hafanafana, noho ny fahatsapan'ny ankamaroan'izy ireo fa tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny fitantanana ny raharaham-pirenena. Resahin'izy ireo matetika tato ho ato ny mety mbola hiverenan'ny adihevitra mahakasika ilay fitsipaham-pitokisana, nosakanana teny am-pandehanana na dia voalaza fa depiote 105 no nanao sonia izany. Ankoatra izay, tsy vitsy amin'izy ireo ihany koa no mampiaka-peo manoloana ilay karatra fanilo, zaraina amin'ny olom-boafidy, saingy tsy ahazoan'izy ireo solika eny amin'ny tobin-dasantsy. Misy amin'ny solombavambahoaka mihitsy no milaza fa seky tsy misy antom-bola no andikan'izy ireo izany. Ambonin'izany, heverina fa hampafanafana ny adihevitra pôlitika, eny Tsimbazaza ihany koa ny fisian'ireo olomboafidy miala an-daharana ny sasany. Ny hafa kosa manomana ny filatsahan-kofidiany, noho ny fahatsapany fa any amin'ny lalan-diso ny fitantanana ny firenena ary any amin' ny vahoaka no miantraika ny vokany.

**V.R.**

Kaominina Andoharanofotsy - Linden

# Hiara-hiasa ho amin'ny fampandrosoana ifotony

Tsy mitsahatra ny mitady ny fomba hahasoa sy hampandroso ny kaominina Andoharanofotsy nahavoafidy azy ny ben'ny tanàna Rakotoarimanana Henintsoa fantatry ny maro amin'ny hoe Tôta. Omaly, tanteraka ny maha mpirahavavy ny kaominina iandraiketany sy ny Kaominina iray any Amerika, dia ny Kaominin'i Linden, New Jersey ary hiara-hiasa ho amin'ny fampandrosoana ifotony ny roa tonta. Ambonin' izany, hanamarika maha mpirahavavy ny kaominina Andoharanofotsy sy ny kaominina Linden ihany koa ny fifanakalozana ara-kolontsaina, ny fanambeazana, ary ny fampiroboroboana ny ekonomia sy ny sosialy. Nanambara ny ben'ny tanàna Tôta nandritra ny fandraisam-



**Hanampy an'i Tota amin'ny fampandrosoana an'Andoharanofotsy ny Amerikana.**

pitenenany fa zava-dehibe ny mitady izay hampandrosoana ny tanàna mila miezaka mijery izay hahasoa ny tanàna sy ho an'ny taranaka fara-mandimby hatrany ny mpitantana.

**Manana ny tanjany**

*« Rehefa mandray fahefana avy amin'ny vahoaka tahaka izao dia mila miezaka mitady ny hahasoa sy hampandroso ny tanàna iandraiketanao amin'ny fomba rehetra. Antony iarahana miasa amin'ny kaominina any ivelany tahaka izao izany satria manana ny tanjany amin'ny lafiny maro izy ireo. Araka izany, na amin'ny lafiny kolontsaina na amin'ny lafiny fampianarana ka tsy hita eto Madagasikara fa hita any Etazonia dia ezahanay no hitondra azy eto. Tanjona amin'izany ny hatratrarana ny dian'ny fampandrosoana any amin'izany kaominina Linden izany »*, hoy ny ben'ny tanàna Tôta nitondra fanazavana. Marihana fa tonga nanotrona ny fanolorana tamin' ny fomba ofisialy teto amin'ny kaominina ny Ambasadaoro lefitry ny Amerikanina, ireo solotenam-panjakana, ny Anteminierandoholona sy ny Antemierampirenena. Nofaranana tamin'ny fanaovana sonia ny boky volamena teo amin'ny kaominina Andoharanofotsy ho fanamarihana ny fandalovan'izy ireo izany.

**Mamy R.**

Fikambanana Masikoro Arivolahy

# Nanamafy ny fanoherany ny tetikasa Base Toliara

Isan'ny raharaha mbola mitana ny sain'ny mpanara-baovao amin'izao fotoana ny resaka mikasika ny orinasa Base Toliara, izay mieritreritra hitrandraka fasi-mainty any amin'iny faritra Atsimo Andrefana iny. Raha ny zava-misy amin'izao fotoana dia hita ho mihazakazaka be ny serasera ataon'ireo vondron'olona milaza fa manohana ny tokony hisokafan'io orinasa io. Eo anatrehan'izany, nitondra ny heviny Ing. Elia Rabevahiny, filoha lefitry ny fikambanana Masikoro Arivolahy sady Sekretera Nasionalin'ny antoko Otrikafo. « *Mieritreritra ny hiroso amin'ny fifidianana isika amin'izao fotoana ary samy mahatsikaritra ny rehatra fa mitady vola hanatanterahana izany ny fitondrampanjakana.Tsy amin'ny fikarakarana ny fifidianana ihany fa amin'ny ho enti-mihetsika hanomanana ny propagandy manaraka mihitsy.Tsy dia mahagaga loatra raha mihetsiketsika manararaotra izany ireo mpandraharaha vahiny eto amintsika ka mandrangaranga vola ho takalon'ny fanatanterahany ny tetikasany. Raha ny fihetsiny amin'izao fotoana sy ny loharanom-baovao azonay dia isan'ny manao izany mba hahafahany mitrandraka indray ny Orinasa « Base Toliara ». Dia mazava ny karatra raha toa ka mihetsika manome fahazoan-dalana ara-tontolo iainana amin'io tetikasa io ny Ofisim-pirenena misahana ny tontolo iainana. Izahay anefa dia mijoro amin'izay lafiny izay hoe tsy afaka hanaiky ny fivarotana ny firenena ho amin'ny tombontsoa manokana mihitsy indrindra hoe hanomanana propagandy.* », hoy ny fanazavana.

**Tambazana vola**

Etsy andanin'izany, nanamafy ny fanoherany io tetikasa « Base Toliara » io ny Fikambanana Masikoro Arivolahy araka ny nambaran'ny Filoha lefiny Elia Rabevahiny hatrany. « *Maro loatra ny fikambanana efa nisy sy vao noforonina milaza hoe ny mponina any an-toerana dia mitaky ny hisokafan'io orinasa io. Disoako tanteraka izany ary manamarika ny tenako hoe raha miresaka an'izany distrikan'ny Toliara I sy Toliara II dia ny foko Masikoro no maro an'isa indrindra. Izahay dia mijoro amin'ny fanakanana ny fitrandrahana kasain'ny « Base Toliara » atao. Ireny karazam-pikambanana ireny dia ampiasaina sy tambazan'ny orinasa « Base Toliara » vola mba hiteny ka milaza fa solontenan'ny fokonolona. Amin'izao fotoana izao, dia hita fa karamain'ny orinasa « Base Toliara » ny tomponandraikitra eo anivon'ny kaominina any an-toerana. Miakatra eto an-drenivohitra mihitsy izy ireo mifampiresaka amin'ny Ofisim-pirenena misahana ny tontolo iainana momba ny hoe efa resy lahatra amin'ny tetikasa ny mponina any an-toerana* », hoy ny teniny.

**Mamy R.**

CEG Nanisana

# Hatao Kolejim-panjakana filamatra, hoy ny Depiote Naivo Raholdina

Vita tamin'ny Zomà Masina 7 aprily 2023 teo ny famindram-pahefana teo amin'ny Talen'ny CEG Nanisana teo aloha sy ny vaovao. *" Hatao Kolejim-panjakana filamatra ity CEG Nanisana ity ary ny ampaham-bola amin'ny CIAD dia hampiasana amin'ity. Efa misy koa ny avy amin'ny Filoha Andry Nirina Rajoelina hanampiana ity Kolejim-panjakana araka ny nifampiresahanay. Ity no anisan'ny CEG lehibe indrindra ety amin'ny Boriboritany faha-V ary anisan'ny maro mpianatra indrindra izay hatrany amin'ny 2000 mahery any ka izay no antony hiangarana aminy manokana. Aleo izay ratsy rehetra tany aloha dia ho fafana. Raha ny fahitantsika ny Tale vaovao dia manome toerana ho an'ny tanora isika. Isaorana ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena sy ireo tomponandraikitra fa mba misy toerana ho an'ny tanora amin'izao fotoana izao satria ireo no ho avin'ny firenena"*, hoy ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina. Tsy maintsy hisy ny fanavaoazana ny fotodrafitrasa sy ny kalitaon'ny fampianarana, hoy ity Deiote ity. Amin'ny maha Solombavambahoaka anay dia nanatrika teto izahay niaraka tamin'ny Sefo Distrika, ny Delegen'ny Boriboritany faha-V ao daholo ny tomponandraikitra rehetra. Mino aho fa raha nisy korontana teto amin'ity CEG ity dia nifarana ny Zomà teo izany. *"Ilay Tale notorian'ny sasany tato tany amin'ny Bianco sy PAC dia efa afaka madiodio izy ary tsy nitombina ny fanendrikendrehana azy ka aza miahiahy ianareo mpianatra sy mpampianatra ary aza manaiky an'ireo sasany mpanakorontana ireo izay milaza fa raha tsy miaradia aminay ianareo dia... Omeo anay ny anarany izay manery anareo"*, hoy hatrany ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina. Raha tsiahivina dia nisy nitory ilay Tale teo alohan'ity Kolejim-panjakana ity fa toa hoe nanao kolikoly lasa mpisolo toerana Tale lefitra tamin'izany izay niteraka savorovoro izany ka nampiato ny fampianarana noho ny fitokonana nisy. Fantatra fa mpianatra 2000 mahery no mianatra ao amin'ity Kolejim-panjakana ity.

**Heriniaina A.**

Morondava

# Mijaly amin'ny fahatapahan-jiro lava ny mponina



**Kivy ny mpizahantany amin'ny fahatapahana herinaratra sy rano. (Sary : Tahiry)**

Nanomboka tamin'ny herinandro masina teo dia efa nijaly be fahatapahan-jiro lava ny mponina any Morondava. Manoloana an'ity fangirifirian'ny mponina maro ity dia nisy tera-tany vahiny tsy maintsy noterena nomena solika noho ny fananany an'izany maro. *"Na izany aza anefa mbola manimba zavatra maro any an-tokantrano toy ny fitaovana fanamafisam-peo, ny fahitalavitra, ny radio sy zava-maneno. Tsy mba misy fampandrenesana ny mpanjifa ary tsy hahenoana fanazavana ny avy amin'ny Jirama aty Morondava. Maro ny olona no mitaraina fa saingy tsy hita ny hatao"*, hoy ny solontenan'ny mponina. Hatramin'izao tsy mbola miverina amin'ny laonina ny herinaratra sy ny famatsiandrano ho an'ny mponina isam-pokontany. *"Ny tena olana dia ny fiarahan'ny rano sy ny jiro samy tapaka mandritra ny andro sy ny alina aza indraindray. Sahirana ny mpivarotra izay tsy maintsy mila mampiasa vata fampangatsiahana sy ireo mpanao "soudure" rehefa tapaka ny herinaratra"*, hoy kosa ny Renim-pianakaviana iray izay mpandraharaha amin'ny sehatry ny fivarotana "glace". Miantso ny tomponandraikitra aty amin'ny Jirama foibe mba hijery vahaolona hamahana haingana an'izao olana goavana izay mampitaraina ny mponina any Morondava izao.

**Heriniaina A.**

Hopitalin'Itaosy

# Olona 500 homena fitsaboana maimaimpoana



**Hahazo tombony amin'ny fanatanjahantena hiatrehana ny fiterahana ny vehivavy mitondra vohoka. (Sary : Tahiry)**

Ankoatran'ny fanalana nify dia nisy ny fampianarana an'ireo vehivavy mitondra vohoka hanao fanatanjahantena mba hifehezantena hiatrehana ny fiterahana sy fanaintainana rehefa mihetsi-jaza. Olona 500 homena fitsaboana sy fizaham-pahasalamana maimaimpoana eny amin'ny hopitalin'Itaosy izay natao hanampiny ny mponina eny an-toerana, hoy ny tomponandraikitra, io ny fandaharam-potoana natolotra ny mpanjifa vehivavy ny alarobia 12 aprily 2023 teo. Tamin'ny taon-dasa, araka nambaran'ny tomponandraikitra hatrany dia nahatratra an'io isa 500 io ny isan'ireo olona nanjifa ny fitsaboana sy fizaham-pahasalamana maimaimpoana samihafa izay misy koa ny fitiliana sy fizahana ny fahasalaman'ny vozon'ny tranon-jaza. Ho an'ireo olona izay tsy ho voaray hatramin'ny Zoma 15 aprily 2023 ho avy izao dia afaka manatona ny Hopitalin'Itaosy hanjifa ny tolotra fitsaboana hafa toy ny efa fanaon'ny hopitaly hatramin'izay amin'ny fandraisana ny marary rehetra.

**Heriniaina A.**

" Douleurs sans Frontières "

# Tanjona ny hanatsara ny fandraisana an-tanana ny fitsaboana ireo vehivavy

Tanjona roa no napetraky ny DSF na « Douleurs Sans Frontières » tamin'ny fanombohan' ilay tetikasa « Ampela tsara karakara, lavitry ny fanaintainana » . Anisan'izany ny fanatsarana ny fandraisana an-tanana ny fitsaboana ireo vehivavy; tafiditra ao anatin'izany ny homamiadana sy ny fanaintainana mifandraika amin'ny taova-pananahana ary ny herisetra mifandraika amin' ny fananahana na VGO. Ny faharoa kosa dia misahana ny fanofanana ireo mpiasan' ny fahasalamana na mpitsabo nentim-paharazana indrindra ny renin-jaza manodidina ny 200. Faritra roa dia Boeny sy Analamanga no hiasan'ny tetikasa. Fanentanana ho an'ny vehivavy 1 100 no tanjona ka tafiditra ao anatin'izany ireo mitondra vohoka, mararin'ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza. Vatsian'ny « Organisation Internationale de la Francophonie » ara-bola ny asa atao, izy ireo nahatsapa fa manan-danja ny fanamafisana ny rafitra ara-pahasalamana mba hahafahana manatsara ny tolotra ara-pahasalamana ho an'ny vehivavy malagasy. Tsy be mpahalala ihany koa ireo karazana aretin'ny taova-pananahana mety azon'ny vehivavy ka miezaka mampahafantatra izany izy ireo mba hisitrahana ireo karazana fitsaboana. Misy ihany koa ny fitiliana sy fanoroana izay toeram-pitsaboana azon' ny vehivavy mitsabo tena raha sanatria misy homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza izy. Omaly, nisy fampahafantarana ny DSF niaraka tamin' ny valan-dresaka nataon'ireo manam-pahaizana manokana toy ny mpitsabo, psychologue, mpanakanto notanterahina tetsy amin'ny zaridainan'Antaninarenina.

**Nath**

JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Indro ampahafantarina ny mpanjifa ireo "codes d'Agences" vaovao sy ny masoivoho mifanaraka amin'izany.

Tsy miova ny "référence client" sy ny "tournée" fa ireo tarehimarika telo voalohany (codes d'Agences) no miova mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao (☜Jereo amin'ny ankavian'ny takelaka ☜)

◆ Tarehimarika miloko manga= tournée teo aloha
◆ Tarehimarika vonimboasary = tournée vaovao

Marihina ihany koa fa ho hita ao amin'ny faktiora volana Aprily ny "code d'Agence" vaovao mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao.

**COMMUNIQUE**

Voici les nouveaux codes et les Agences correspondantes, à l'intention de nos clients.

La référence client et la tournée restent inchangées mais les trois premiers chiffres (code d'Agence) changent selon votre Agence d'affiliation (☜voir à gauche de l'affiche☜).

◆ Nombres en bleu : Ancienne tournée
◆ Nombres en Orange : Nouvelle tournée

Notez également que le nouveau code d'Agence, correspondant à votre Agence d'affiliation sera inséré dans votre facture de ce mois d'avril.

G CL 484/7-1

Fahazoana olona rehefa manao hetsika

# Ho be indray ny mpanao pôlitika ho diso fanantenana amin'ny fifidianana

*Hany ka tsy ahafantarana ny tena marina ny trangan-javatra tahak'itony hoe inona no tena nahatonga ireny olona maro nanatrika ireny hetsika ireny.*

Amin'ny ankapobeny dia saika mahazo olona foana ny hetsika atao eto amin'ny firenena amin'izao, ao anatin' izany ny hetsika pôlitika. Mikasika izay fahazoana olona rehefa manao hetsika izay, ho betsaka indray ny mpanao pôlitika ho diso fanantenana amin'ny fifidianana filohan'ny repoblika hotanterahina amin'ity taona ity. Eto amintsika dia mbola saika ny zavatra hita maso ihany aloha no andrefesana ny fitiavan'ny olona ireny hetsika atao na mandeha etsy sy eroa ireny, na dia efa eo ihany aza ny any anivon' ny tambajotran-tserasera sôsialy toy ny fesiboky ireny. Hatreto mantsy dia mbola tsy dia tena mahazo sehatra loatra na tsy mahazatra ny fanaovana tsapankevitra, na ilay antsoina hoe "sondage" toy ny fahita any amin'ny firenena mandroso.

**Mpitranga**

Zavatra efa mpitranga eto amin'ny firenentsika rehefa isaky ny misy fifidianana (filohan'ny repoblika) ny mahita olona(maro) tonga manatrika ireny karazana hetsika ataon'ny mpanao pôlitika ireny. Ankoatry ny zavatra zaraina indraindray dia efa saika arahina fampisehoana koa matetika ireny hetsika ireny. Ny olona koa angamba tsy ampy fialamboly ka zara aza. Hany ka tsy ahafantarana ny tena marina ny trangan-javatra tahak'itony hoe inona no tena nahatonga ireny olona maro nanatrika ireny hetsika ireny. Fitiavana hijery fotsiny ve? Sa fitiavana ilay mpanao pôlitika mihitsy? Io toetrantsika malagasy io dia zavatra fahita teto. Izany hoe, izay mpanao pôlitika tonga, na avy ao amin'ny fitondrana io, na avy any ivelan'ny fitondrana, dia toa mahazo olona daholo! Olona iray ihany anefa no tsy maintsy holaniana filohan'ny repoblika. Hany ka maro ireo mpanao pôlitika diso fanantenana rehefa mivoaka ny voka-pifidianana satria niainga tamin' ny zavatra hitan'ny maso tety ivelany fotsiny. Ho avy indray ity ny fifidianana filohan'ny repoblika. Tsy vitsy ireo mpanao pôlitika efa manao hetsika. Mbola fihetsiketsehana aloha no be dia be hatramin'izao. Efa manomboka tazana miverina indray amin'izao io tranga fahita eto amintsika isaky ny misy fifidianana io, na dia mbola tsy ao anatin'ny vanim-potoanan' ny fampielezan-kevitra aza amin'izao.

L.R.

Antoko FTPM

# Mitady kandidà zanak'i Fianarantsoa na Toliara

Vory lanona tao amin'ny efitrano malalaky ny " Royal Espace " Fianarantsoa ireo vahoaka nanohana ny fivoriana notarihin'ny antoko politika FTPM (Fikambanan'ny Tanora mPitolona Malagasy), omaly. Nivoitra nandritra ny kabary nataon'Ing Bekamisy Théodor Carin filohan'ny antoko ny fitadiavan'izy ireo kandidà Filoham-pirenena zanaky ny faritanin'i Fianarantsoa na Toliara amin'izao taom-pifidianana izao. Notanisainy tamin' izany, fa efa nitondra ny filoha Philibert Tsiranana avy any Mahajanga. Efa teo ihany koa ny filoha Didier Ratsiraka avy any Toamasina, nitondra indray ny filoha Zafy Albert avy any Diégo. Tonga indray ny filoha Marc Ravalomanana avy eto Antananarivo. Nitondra ny filoha Rajoelina avy eto Antananarivo. Niditra indray ny filoha Hery Rajaonarimampianina mbola avy eto Antananarivo. Ary izao mbola niverina izao ihany koa ny filoha Andry Rajoelina avy eto Antananarivo. *"Antsika hitady sy hanampy izay kandidà afaka hifaninana amin'ireo. Hitady kandidà ho an'ny zanaky ny faritanin'i Fianarantsoa na zanaky ny faritanin'i Toliara."*, hoy izy teo anatrehan'ireo vahoaka nanotrona azy. Namafisin'Atoa Bekamisy Théodor Carin ihany koa fa mbola mijoro ho hery afovoany hatrany izy ireo na dia efa mandeha aza ny antso sy ny pi-maso isan-karazany amin'izao taom-pifidianana izao. Nantintranteriny fa sady tsy miandany amin'ny fitondrana ireo no tsy manaraka ny mpanohitra ary tsy mieritreritra ny hidina an-dalambe ihany koa.



Nandritra ny hetsiky ny FTPM tany Fianarantsoa omaly.

**Hanana kandidà**

Efa fanirian'ny antoko FTPM hatramin'izay ny hananan'ny zanak'i Fianarantsoa na Toliara kandidà, ary izao mbola namafisiny izao indray. *"Kandidà tsy manidy paosy ho an'ny faritra Fianarantsoa na Toliara. Kandidà hitondra fampandrosoana ho antsika, fa tsy kandidà hampiasa antsika fotsiny no ilaina"*, hoy izy satria manana olana ny faritanin'i Fianarantsoa sy Toliara. Ka raha misy te hiaraka amin'izy ireo dia mila mikarakara an'ireo faritany ireo. Nonolotra vary 3 taonina ho an'ireo olona tonga nanotrona azy ireo moa ny antoko FTPM omaly.

Niry R.

Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina

# Voatendry ny Talen'ny OMDA vaovao

Isan'ny fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny filankevitry ny minisitra omaly ny fandendrena ny Talen'ny OMDA. Araka ny didim-panjakana tapaka teo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina tamin'izany dia voendry handray io toerana io Atoa Rarivojaona Joelinirina Nomenasoa. Raha tsiahivina dia isan'ny niteraka resabe teto amin'ny firenena sy teo anivon'ireo mpanakanto ny fanoloana ny toeran'ny Talen'ny OMDA. Niteraka fanehoan-kevitra maro ny vokatr'izany. Ankoatra izany, dia minisi-



tera dimy hafa no nisy fanendrena olom-panjakana ambony nandritra ity Filankevitry ny minisitra ity. Tahaka ny mahazatra dia misy hatrany ny fankatoavana rijan-tenin-dalàna eo anivon'ireo minisitera isantsokajiny. Tafiditra ao anatin' izany ny teo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy,izay nanamafisana ny satan'ny « Fonds Routiers » sy mamaritra ny andraikitra sy ny fomba fiasany. Manao ny fampitam-bavao ataon'ireo mpikamban'ny governemanta mikasika ny fitantanandraham-panjakana samihafa hahafahana mandray fanapahan-kevitra mikasika ny asaq fampandrosoana ny firenena.

JUDD

## TENY REHETRA TENY



Isan'ny mpanakanto be mpanaraka nandritra iny fetin'ny Paka iny ny Tarika Dadi Love.



Maro ireo nandeha an-tongotra nihazo ireo toeram-pitsangantsanganana.



Mbola mamaha olana eo amin'ny lafiny fitanterana ny sarety eto amintsika.



Manana anjara toerana lehibe amin'ny fanomezana voninahitra ny lanonam-panjakana ny mpitsoka mozikan'ny Tafika Malagasy.



Mampitombo ny ambiansy ny fananana mpitendry mahay sy mana-talenta.

(Sary : Nary Ravonjy/ Soratra : JUDD)

Volley - Fifaninanam-pirenena 2023

# Hidona amin'ny manasa-dalana ny GNVB sy Stef'Auto

*Lalao 82 no natao tany Antsirabe tao anatin'ny herinandro.*



Tsara ny haavo teknika tamin'ity andiany 2023 ity.

Hiditra amin'ny manasa-dalana anio any Antsirabe, ny fifaninanam-pirenena, eo amin'ny taranja Volleyball. Tsiahivina, miara-dalana ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara ho an'ireo sokajy zandriny (U-14/16/20) sy ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny diviziona faharoa lahy sy vavy. Isan'ny hanamarika ity andro anio ity, ny fihaonana eo amin'ny GNVB Analamanga sy ny Stef'auto Atsinanana, eo amin'ny latsaky ny 20 taona vehivavy. Andrasan'ny maro ny fifanandrinana eo amin'izy ireto, izay hitarafana sahady ireo solofo mpandimby ny zokiny ao amin'ny 1DF. Mbola ady tsy vita koa ny manasa-dalana ilany, hifandonan'ny Bi'As Analamanga sy ny Evba Atsinanana. Ho an'ny U-20 lehilahy indray, efa nahazo ny tapakila mialoha hiatrehana ny manasa-dalana ny ASI Analamanga sy ny Mvbc Matsiatra ambony, ary tsy maintsy niandry ny vokadalao omaly vao fantatra ny hifanandrina tamin'izy ireo. Ho an'ny U-16 vehivavy, efa fantatra no hifandona anio, ny ASI Analamanga hifanandrina amin'ny Evb Ihosy, raha ny GNVB Analamanga sy ny EVBFI Boeny kosa ny manasa-dalana ilany. Ho an'ny latsaky ny 14 taona indray dia mbola hisy lalao farany izao maraina izao, mialoha ny hidirana amin'ny manasa-dalana. Eo amin'ny sokajy diviziona faharoa lehilahy, efa nahazo ny tapakila ny pôle, Nadi Atsinanana Mvbc. Mbola niadivan'ny Sb2 sy ny Avba kosa ny toerana iray farany omaly. Ho an'ny 2DF kosa dia ny Squad no nalalaka ny nahazoany ny tapakila hiatrehana ny manasa-dalana. Nambaran' ny Tale teknika Nasionaly, Jean Honoré Razafinjatovo, fa ambony ny haavo teknika na ho an'ny sokajy D2 lahy sy vavy na teo amin'ireo zandriny, izay hananana fanantenana amin'ireo taniketsa. Amporisihana hanao ekipa lehilahy ny klioba satria vitsy, hoy ingahy DTN, fa ny ekipa vehivavy hatrany no betsaka. Ireto farany kosa anefa no tena manana herijika ho lasa lavitra rehefa hiatrika fifaninanana Iraisam-pirenena any aoriana.

**Rabenaivo**

Kitra - Tompondaka OPL 2022/2023

# Tsy raikitra ny fihaonan'ny 3 FB Toliary sy ny CFFA Analamanga

Diso fanantenana ny mpankafy baolina kitra, omaly, teny amin'ny Stadium Elgeco Plus By-Pas, fa tsy tonga niatrika ny lalao miverina, tokony nifanaovany tamin'ny ekipan'ny CFFA Analamanga ny 3 Fb Toliary avy any amin'ny Ligin'Atsimo Andrefana, izay efa resin'Atsimondrano tamin'ny isa 1 no ho 0 tamin'ny fetin'ny paska teo iny. Na dia tsy niatrika ny fihaonana aza ny ekipan'ny hopitaly dia notanterahana hatrany kosa ny fombafomba amin'ny lalao tahaka ireny. Nandresy tsy niady ny CFFA, manana isa 3 ary nitoko 3 no ho 0 avy hatrany. Araka izany dia anisan'ny ekipa nahazo ny tapakila voalohany amin'ny fiatrehana ny " Play Offs", tao anatin'ny " Conférence Sud ", ny ekipan'Andoharanofotsy, izay tafara-dàlana amin'ny Fosa Junior sy ny Cosfa ao amin'ny " Conférence Nord ". Manana isa 25 ny CFFA, arahin'ny Elgeco Plus (22), izay nandavo ny Jet Kintana tamin'ny isa 2 no ho 1 koa omaly. Nahatafiditra baolina tamin'ity fihaonana farany ity i Nest (18 – 62 mn) ho an'ny Elgeco Plus, ary Rina (22 mn) ho an'ny Jet Kintana. Niteraka resabe tamin'ny tambajotran-tserasera ny fihaonan'ny 3FB sy ny CFFA niverina ity, izay tokony hitondran'ny tomponandraikitra fanazavana ka tsy hiverenan'ny tahaka izany intsony. Mbola hiatrika ny Elgeco Plus, eny amin'ny "Stadium By-Pass", hatrany ny 3 FB amin'ny alahady 16 aprily 2023 ka ho fantatra amin'izany raha mbola anohy ny fifaninanana izy na tsia.

**aris rafaly**



Mahakivy ny mpitia kitra ny toy izao !

Kick-boxing - "Combat international de Maurice"

# Afrika Atsimo sy Madagasikara no nasain'ny mpikarakara

Hotanterahana amin''ny 3 jona any Maorisy, ilay katrokady Iraisam-pirenena, eo amin''ny haiady Kickboxing. Firenena telo no handray anjara amin'izany, ahitana an'i Afrika Atsimo, Madagasikara ary ry zareo mpampiantrano Maorisy. Ho antsika manokana, mikasa ny handefa Kickers 8 any Maorisy, izay rahateo no isan'ny atleta nahazo fanasana hanatrika ity fifaninanana Iraisam-pirenena ity. Raha ny vaovao voaray teny anivon'ny federasiona, mbola tsy voafaritra ny atleta handeha, fa miankina amin'ny sokajin-danja alefan' ny mpikarakara. Mahakasika izay hatrany, mbola miandry ny "subvention" avy any amin' ny Minisiteran' ny Tanora sy Fanatanjahantena ny federasiona vao tena afaka manao fampivondronana miaraka amin'ireo rehetra avy any amin'ny faritra. Eo ampiandrasana izany, samy manao ny azy avy aloha. Isan'ny taranjam-panatanjahantena voafidy hifaninanana amin'ny Lalaon'ny Nosy atao eto Madagasikara ny kickboxing, izay ny "discipline Low Kick" no hatao. Miisa 14 ireo sokajin-danja , ka 9 lehilahy ary 5 ny sokajy vehivavy. Efa nisy ny fivoariana niarahan' ireo Nosy rehetra volana vitsy lasa izay, nandinihana sy nanapahana ny fitsipika mifehy ny fifaninanana. Tamin'ny alalan'ny "visioconférence" no nanatanterahana izany, ka tazana tao avokoa ny solontenan'i Maorisy, La Réunion, Mayotte, Seychelles ary Madagasikara, mpampiantrano ny Lalaon'ny Nosy 2023. Isan'ny haiady manavanana antsika ity kickboxing ity, antenaina fa handroaka medaly volamena betsaka ny kickers handrafitra ny ekipam-pirenena mandritra izany. Tokony hanomana tsara ihany anefa satria tsy hanaiky mora na hitsangantsangana eto fotsiny ireo Nosy rahavavy mpifanandrina.

*Kickers 8 no solontenantsika saingy hiankina amin'ny sokajin-danja avy amin'ny mpikarakara no hahafantarana ny solontenatsika.*

**Rabenaivo**

MMA - " A.F.C "

# Nanjakan'i Iony Razafiarison

Taorian'i Laura Rasoanaivo tamin'ny "judo (- 70 kg)", izay voahosotra laharana voalohany eran-tany amin'ny sokajy "junior", dia mbola tsy namelan'i Iony Razafiarison ihany koa raha tsy azony ny fandresena tamin'ny haiady "MMA – Ares Fighting Championship (MMA – A.F.C)", andiany faha-14 ho an'ny mpikatroka matihanina, izay nifanaovany tamin'ilay italianina Manuela Marconetto, teo amin'ny sokajin-danja 57 kilao. Marihina fa ity nifanandrina tamin'i Iony ity dia efa tompondaka tamin'ny andiany voalohany. Anisan'ny haiady mahery vaika ny MMA-AFC ka raha tsy mahari-pery tsy afaka miatrika aminy mihitsy. Mafy ny ady nifanaovany tamin'i Manuela, satria efa nivoa-drà ny tarehin'i Iony. Tamin'izao zava-bitany izao, dia nampiakarin' izy mirahavavy ny voninahi-pirenentsika.

**a.r**


## PRIERE MIRACULEUSE



Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.

Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.

N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.

Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveurs obtenues.

G-CL 481/3-3 13/04/23 — **Ngane et famille**



## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatratraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo " petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*Izay tonga aloha tompon-tanindrazana.*


*Fenoy amin'ny sora-baventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N Tél. :

## Sarisary zary tenany

*Mivonto*




## Masoandro miposaka

### Hosea 6 : 1

Andeha hiverina ho amin'i Jehovah isika; Fa Izy no namiravira, ary Izy ihany no hahasitrana antsika; Izy no namely, ary Izy no hamehy ny ferintsika.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

*Mpanendaka*





## Tari-Dalana




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Ny arivo lahy tsy maty indray andro.**

Un millier d'hommes ne meurent pas tous en un jour.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2925

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 8 | | | | 2 | 3 | 9 | |
| | 2 | 9 | | | | | 7 | 4 |
| 3 | | 7 | | 8 | | | | |
| 7 | | | 4 | | | | | |
| | | | | | | 9 | | 6 |
| | | | 2 | 5 | | | | |
| | | 3 | | | | 6 | 4 | |
| | | | | | 1 | | | |
| 1 | 4 | | | 6 | | | 5 | |

Valin'ny laharana 2924

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 5 | 7 | 1 | 2 | 9 | 4 | 6 | 3 |
| 4 | 1 | 2 | 5 | 3 | 6 | 9 | 7 | 8 |
| 6 | 3 | 9 | 7 | 4 | 8 | 5 | 2 | 1 |
| 7 | 2 | 4 | 3 | 5 | 1 | 6 | 8 | 9 |
| 5 | 8 | 6 | 2 | 9 | 4 | 3 | 1 | 7 |
| 3 | 9 | 1 | 6 | 8 | 7 | 2 | 4 | 5 |
| 1 | 7 | 5 | 4 | 6 | 3 | 8 | 9 | 2 |
| 2 | 6 | 8 | 9 | 7 | 5 | 1 | 3 | 4 |
| 9 | 4 | 3 | 8 | 1 | 2 | 7 | 5 | 6 |

Lions Club Antananarivo Miranandro

# Mivoy hatrany ny fiarovana ny tontolo iainana



Asa sosialy nataon'ny Lions Club Antananarivo Miranandro.

Tafiditra hatrany ho fahatsiarovana ny andron'ny mpitolona tamin'ny 29 Marsa dia nanao hetsika lehibe hanehoana fifanampina eo amin'ny samy mpiray tanindrazana ny « Lions Club » Antananarivo Miranandro. Novoizina tamin'izany ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny hetsika ara-tsosialy, izay anisan'ny soatoavin'ny hiandraiketan'ny « Lions Club International ». Tetsy amin'ny valan-javaboahary na ny *« Parc Botanique et Zoologique »* Tsimbazaza no nanatanterahana izany, sady ihany koa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy Fikarohana Ara-Tsiansa na ny « *MESUPRES* ». Tanjona tamin'ity hetsika ity ny hikajiana indray ireo zava-maniry na biby atahorana ho lany tamingana ary toerana voalohany amin'ny fikarohana ara-tsiantifika eto Madagasikara ny valan-javaboahary etsy Tsimbazaza.

**Soatoavina**

Nanolotra zana-kazo « *plantes endémiques* » sy fitaovana teny an-toerana ny mpikambana « Lions Club Antananarivo Miranandro » notarihan'ny filohany, Yvanna Judickael, ny andron'ny 29 Martsa 2023 teo. Izany dia nentina nanamarihana ny andron'ny mahery fo sy fanehoana ilay soatoavin'ny fikambanana *« Lions Club »* ary ho fanatanterahana ny vinan'ny Governora ny « Lions Club District 417 » eto Madagasikara. Nisy ihany koa ny fambolen-kazo niarahana nanao tao an-toerana ary fampahafantarana tsotra mahakasika ny valan-javaboahary sy ny fiarovana ny zava-maniry.

**Ariel D.**

MIDI Madagasikara
PREMIER QUOTIDIEN NATIONAL D'INFORMATION DE MADAGASCAR
L'Information sans concession
midi-madagasikara.mg
SOA Gazetiko MIDI FLASH MIDI Groupe WM

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

**D.L.I.:** 16 032 - 04 - 23

**Isan'ny natonta :** 25 000

## Nahandro

### Akoho sy sakay maitso saosy

Zavatra ilaina : akoho, sakay maitso, tongolobe, sakamalao, voatabia, dipoavatra, curry, sira, menaka.

Fikarakarana azy : Rehefa voakarakaraka ny akoho dia tetehina ary ketrehina halemy. Rehefa hita fa malemy dia arotsaka ny voatabia sy tongolo, ny sakamalao voatoto sy tongolo gasy. Asiana curry sy dipoavatra ary atao saosy miaraka ao izy rehetra. Arotsaka ihany koa ny sakay maitso fanendy efa niala voany. Tsy atao masaka be ny sakay. Esorina rehefa vita ary azo aroso avy hatrany atao laoka. Mazotoa homana !

## MANAMPY ANAO

**PERMANENCES**
**08 au 14 avril 2023**

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA
- OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Dessins animés
09.40 : Full sport ®
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.30 : A Votre Santé
14.00 : Film Dramatique
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.50 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : FULL MUSIC
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Film Comédie
23.00 : Journal international
23.45 : Film Romantique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Action
05.00 : NY VAOVAON'NY MA-TV ®
05.30 : Kristy mandamina ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

***************

**PLUS MADAGASCAR**

03.20 : JINGLE
03.30 : HIRA MASINA
04.00 : DESSINS ANIMES
05.00 : STAND OUT
05.25 : ABC de la culture
05.30 : NY VAOVAO ®
06.30 : Buongiorno
08.00 : Petites Annonces
08.05 : MADA PRO
08.20 : MPRO
08.35 : ALLCOM
08.50 : BM PROD
09.15 : SERIE 10.00 : MIANDRY VAZO
12.00 : EDITION SPECIALE
12.15 : FRANCE 24
12.25 : ABC de la culture
12.30 : Petites Annonces
12.35 : MPRO
12.50 : MADA PRO
13.00 : CINEMAPLUS
15.00 : Edition spéciale
15.15 : BUONGIORNO®
15.45 : Série
16.35 : Série Manga
16.57 : Série Manga
17.19 : ABC de la culture
17.24 : MIRITSOKA
18.00 : TITRE
18.05 : Clap Board
18.25 : Petites Annonces
18.30 : LE JOURNAL
18.45 : SERIE
19.13 : SOMMAIRE BUONGIORNO
19.30 : VAOVAO
21.00 : CINEMAPLUS
22.30 : VAOVAO ®
23.15 : CINEMAPLUS
00.45 : LE JOURNAL
01.00 : LIVE
02.50 : FRANCE 24

***********

**VIVA**

00.59 : Film
03.35 : Clips : Christian Music
03.57 : Clips : Misy Raha ®
04.27 : Journal : Viva Événement VM ®
04.57 : Culte : Tsara taiza
05.38 : Clips : Christian Music
06.00 : Magazine de services : Viva MORNING SHOW
07.30 : Télé réalité : Série Tulsa King ®
08.11 : Série policière : Scorpion
08.54 : Série dramatique : The Equalizer - Le nouveau client
09.36 : Film Policier
11.35 : Série k-drama : Young Lady and Gentleman ®
12.45 : Viva Prod : Quotidienne Viva Futbol U18 ®
12.58 : Journal : Flash Actu
13.03 : Clips : Misy Raha
13.33 : Série dramatique : Dynastie.2017®
14.18 : Film Policier
16.09 : Télé Achat : Viva shopping ®
16.35 : Série k-drama : Young Lady and Gentleman
17.45 : Série dramatique : All American
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in
18.43 : Dessins animés : Zig & Sharko - JUMP AROUND
19.12 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.15 : Viva Prod : Quotidienne Viva Futbol U18
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : Film
22.52 : Film
00.38 : Viva Prod : Viva Événement VM ®
01.18 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

*********

**K**

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun ®
13.15 : Alalino ®
14.10 : Le Journal de l'Economie ®
14.25 : Kolo Ts'Art ®
14.55 : Passion d'Ados
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

***********

**RECORD TV**

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : RECORD MARAINA
06.30 : LA MATINALE
08.00 : LA REINA DEL FLOW ®
08.30 : FLEUR SAUVAGE ®
09.25 : DIVERTISSEMENT
10.30 : Inona ny vaovao ?
12.30 : DOUBLE KARA ®
13.45 : Hirantsika
14.30 : FLEUR SAUVAGE
15.30 : DOCUMENTAIRE
17.00 : Destination malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : DOUBLE KARA
20.30 : LA REINA DEL FLOW
21.00 : FILM
21.45 : CLIP
22.30 : PAROLE DE VIE
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

**HUISSIERS**
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

Star Tour Antsirabe

# Nanome lanja ny fihariana, sy ny kolontsaina ary ny fanatanjahantena

Olona manodidina ny 40 000 isan'andro no tonga nifamotoana nandritran'ny efatra andro teo anoloan'ny garan' Antsirabe. Miavaka ny hetsika Star Tour Antsirabe sy ny Star Tour rehetra andeha satria ao anatin'ny fanamarihana ny 70 taona nisiany ny Star amin'ity 2023 ity. Nisy ihany koa ireo fanamiana namboarina hifanaraka amin'izany fankalazana goavana izany ary natao ho fanomezana ho an'ireo mpanjifa mendrika sy izay nandray anjara tamin'ny lalao nataon'izy ireo. Azo lazaina fa nahazo izay tandrify azy ny rehetra nandritra ny Star Tour notanterahina tao Antsirabe satria nahitana ny hetsika ara-javakanto, fanatanjahantena, Carnaval, lalao sy kermesy sy fanentanana maro ary indrindra ny ara-toekarena. Matihanina tanteraka ny seho rehetra ary nofaranan'ny mpiara-miasa an'ny Star tamin'ny fanadiovana faobe ny tanana ny Star Tour Antsirabe.

**Dia be:** Nosokafana tamin' ny dia be niainga teny amin' ny Agence Star ny Star Tour Antsirabe. Nanomezandanja ireo karazana marika misy ao amin'ny Star rehetra izany ary nahitana fandraisan' anjaran'olon-tsotra 300 isa sy ireo mpiara-miasa eo anivon'ny Star izany hoe ny ozinina sy ny Logistic ary ny Malto. Samy niezaka nanao izay fanamiana nampiavaka azy amin'ny hafa ireo mpandray anjara rehetra satria izay no tanjona mba hahafahana mibata ny amboara. Teo ihany koa ny dihy mirindra izay tena niavaka tokoa.

**Fanentanana:** Maresaka foana Antsirabe nandritra ny efatra andro noho ny fanentanana nataon'ny tarika Fou hehy misy an'i Eric sy Honorat ary i Andry Barhone. Nanantanteraka lalao nahafahan'ireo vahoaka tonga tany Antsirabe nandray anjara izy ireo. Mazava ho azy, vokatra Star no loka azon' izay hita ho mendrika tamin' izany. Nivoaka nandritran'ny hetsika ihany koa ny zavapisotro BOOSTER vaovao: BOOSTER Cuba Libre. Fifaninanana nandihy, miandahy sy miam-bavy samy nazoto nandray anjara avokoa. Tsy diso anjara ihany koa ireo ankizy sy ny tanora tamin'ny karazana kilalao hita tao Antsirabe nandritra ny fetin'ny paska

**Fampisehoana:** Nandritra ny telo andro, nisy foana ny fampisehoana niarahana tamin'ireo mpanakanto kalaza maro. Nisantatra izany ny zoma alina ireo zanaky ny faritra Vakinankaratra dia ny tarika Tempo Gaigy sy Mr Sayda. Araka ny voalazan'i Faniry, efa ela no tsy nandray anjara tamin'ny Star Tour izy ireo raha efa tamin'ny 2017 i Mr Sayda no tsy tapaka nandray anjara tamin'izany. Nanaraka avy eo ny fampisehoana niarahana tamin'i Black Nadia sy Oladad ary namarana ny fotoana ny alatsinain'ny Paska ny fampisehoana niarahana tamin'i Njakatiana. Mampiavaka ny Star ny fanomezana fampisehoana maimaimpoana ho an'ireo mponina sy vahiny tonga mankalaza ny paska any an-toerana. Dia efa samy miandry izay tohiny indray ny rehetra amin' ny fotoam-pialan-tsasatra lehibe. Nisy ihany koa ankoatran'izay fifaninanana mihira na "cover" ka ireo telo hita fa mendrika indrindra tamin'ireo mpandray anjara no nomena lelavola.

**Hazakazaka bisikileta:** Nampiavaka ity andiany Star Tour 2023 ity ny resaka fanatanjahantena. Nisy hazakazaka am-bisikileta tamin'ny halaviran-toerana 37 km natao. Araka ny fanazavan'i Joharivelo, nibata ny laharana voalohany, mafimafy ny fifaninanana satria nandrevo ny fotaka, betsaka ireo toerana miakatra. Efa niomana anefa izy saingy misy ihany ny olana amin'ny fampitaovana satria tsy maintsy mianto-tena izy ireo. Anisan'ny mandray anjara amin'ny fifaninanana eto Madagasikara izy ary azo ambara fa ampy ny fanazaran-tena. Tsara ihany koa ny tambiny omen'ny orinasa Star ka mazoto foana mandray anjara ny tenany. Natao anentanana ny tanora hiady amin'ny fidorohana zava-mahadomelina ny fanatanjahantena ka antenaina ny hitohizan'izany isaky ny misy ny hetsika Star Tour. Nambaran'i Joharivelo fa efa nanomboka tamin'ny 2011 no nandray anjara tamin'ny hazakazaka bisikileta ny tenany ary nisolo tena ny faritra Vakinankaratra rehefa misy ny fiadiana ny ho tompondakan' i Madagascar.

**Toekarena:** Mandray anjara feno amin'ny fampandrosoana ny tanàna ny Star Tour. Mirohitra manenjika ny fampisehoana ny olona ivelan'ny faritra, na io fianakaviana na mpinamana. Vokany, feno avokoa ny trano fandraisambahiny. Mandeha ny trano fisakafoanana eny hatramin' ireo mpanao asa tanana aza mahazo tombontsoa amin' izany. Anisan'ny misitraka izany koa ireo tomponandraikitra eny amin'ireo toerana manatantara izay be mpitsidika toa an'i Tritriva, ny rano mafana ary ny any Betafo. Anisan'ny nampitaraina ireo mpivarotra izay nanofa toerana teo amin'ny gare ny orana izay nisesy. Lafo hoy izy ireo ny vola aloa any amin'ny kaominina kanefa ny tsena tsy nandeha firy noho ny orana indrindra amin'ny hariva. Ny olona ivelany kosa nahita fa betsaka ny isan'ireo Stand ka efa tokony hanam-bola hahafahana manao fotodrafitrasa toy ireo lalana simba avy hatrany ny kaominina Antsirabe taorian'ireny paska ireny. Nampitaraina ny maro tokoa ny haratsian-dalana ao Antsirabe ka tokony hisy fandraisana andraikitra malaky.

Nath



Ireo tanora nandrombaka ny laharana voalohany tamin'ny fifaninanana carnaval.



Maimaimpoana foana ny fampisehoana izay iarahana amin'ireo mpanakanto manana ny lazany toa an'i Mr Sayda, Black Nadia sy ny maro hafa.



Iray tamin'ireo mpandray anjara ary nahazo loka i Joharivelo.



Nandeha ny hanimasaka, zava-pisotro, kilalao izay samy nampidi-bola avokoa nandritra iny faran'ny herinandro iny.



Mpanentana mahafatra-po miaraka amin'ny Star Tour izy roa lahy ao amin'ny Fou Hehy ireto.



Telma
FINDAY
KADOA
HO AN'NY PASKA !
S- Prime
BONUS*
Telma Net
ONE WEEK 2Go
F1 Prime
BONUS*
Telma Net
ONE WEEK 1Go
I-Feel Prime
BONUS*
Telma Net
ONE WEEK 1Go
209 000 Ar TTC
169 000 Ar TTC
399 000 Ar TTC
299 000 Ar TTC
169 000 Ar TTC
129 000 Ar TTC
HITANAO ENY @ TELMA SHOP
Fihenam-bidy manan-kery hatramin'ny 17 Aprily
1 TÉLÉPHONE ACHETÉ
1 ARBRE PLANTÉ
*Havaozina isam-bolana ny data anao mandritry ny 6 volana. Bonus manan-kery 7 andro.
G-CL 468/1-1
www.telma.mg
Telma Madagascar